



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitaviana - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA  
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA  
TAONA 2019**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-31

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY  
VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-005/2019 TAMIN'NY 30 OKTOBRA  
2019 MIKASIKA NY LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA,  
TAONA 2020**

Fivoriana faha-18  
Natao ny  
Zoma 29 Novambra 2019  
- Hariva -

## FIVORIAMBE

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** -Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré  
-Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

**FOTOANA:** Zoma 29 Novambra 2019 tamin'ny 6 ora, hariva.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-005/2019 tamin'ny 30 Oktobra 2019 mikasika ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2020.

Nitohy ny Zoma 29 Novambra 2019 tamin'ny 6 ora, hariva, ny fivorian'ny Antenimierampirenena izay notarihan-dRamatoa Filohany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory sy ireo vahiny solotenan'ny Governemanta, Ramatoa Filoha dia nanambara ny fitohizan'ny fivoriana sady nampahatsiahy ny fandaharam-potoana.

Taorian'izay, nisy Solombavambahoaka nanao satroka avy hatrany, ka nomena fitenenana izy ireo.

Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas dia nangataka ny hanemorana ny fivoriana, mba hatao rahampitso noho ny fahavitsian'ny Solombavambahoaka tonga manatrika ny fivoriana.

Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert kosa nanamafy ny fangatahana ny hanemorana ny fivoriana toy ny nataon'ny namany teo aloha. Niangavy ny hanovana izany rahampitso amin'ny 9 ora, maraina ary tsy miato raha tsy vita tanteraka ny momba azy satria betsaka ny Solombavambahoaka vao avy namita iraka, ka mbola reraka izy ireo.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika izay soso-kevitra izay ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 37 no nandany ny fanemorana ny fivoriana hatao rahampitso; tsy nisy ny nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 3 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa ahemotra rahampitso Sabotsy 30 Novambra 2019 amin'ny 9 ora, maraina, ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-005/2019 tamin'ny 30 Oktobra 2019 mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2020.

Niato tamin'ny 6 ora sy 10 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.


  
**NY FILOHA**

**RAZANAMAHASOA Christine Harijaona**